



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana · Tenindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-81.3

FANDINIHANA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-03-2020/PR "POUR  
CREATION D'UNE COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LES ACTIVITES  
DES DAHALO DANS LE DISTRICT DE MOROMBE", ATOLOTRY NY  
SOLOMBAVAMBAHOAKA RAKOTOMALALA LUCIEN SY IREO MPIARA-DIA AMINY

Fivoriana faha-27  
Natao ny  
Alakamisy 2 Jolay 2020  
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA:** Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 6 ora sy 35 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2020/PR "pour création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des Dahalo dans le District de Morombe", atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien sy ireo mpiara-dia aminy.

Nitohy ny Alakamisy 2 Jolay 2020, tamin'ny 6 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana, izay miompana tanteraka amin'ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomiera sy ireo mpikambana mikasika ny fanadihadiana momba ny asan-dahalo any amin'ny Distrikan'i Morombe, atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien sy ireo mpiara-dia aminy.

Nomarihany, fa tokana ny Solombavambahoaka nametraka ny taratasy filatsahan-kofidina ho Filohan'izany Vaomiera izany izay avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD, tsy iza izany fa Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Sakaraha.

Taorian'ny fanamarihana nataony, nilaza Ramatoa Filoha, fa tokony hiroso avy hatrany amin'ny fampielezan-kevitra mikasika an'io fifidianana io ny Solombavambahoaka izay te-hanao izany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia nilaza fa manolotra an'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique ho Filohan'io Vaomiera mpanao fanadihadiana io ny Vondrona Parlemantera IRD. Ny antony ilazana dia hatao any amin'ny Distrikan'i Morombe ity fanadihadiana ity, ka izy no hita fa mahafantatra ny kolotsaina any an-toerana no sady mahalala ny resaka momba ny asan-dahalo sady Distrika azo lazaina fa mitovitovy fomba fanao ny Distrika roa amin'ny resaka fiompiana omby.

Noho izany, manentana ny Solombavambahoaka rehetra handrotsaka ny vato ho azy izahay.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery kosa nilaza tamin'ny satroka nataony, fa Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien no nanao ity Tolo-pehin-kevitra ity, sao dia tokony ho izy mihitsy no hampidirina ho kandida hofidina amin'izany.

Namaly izany, Ramatoa Filoha ary nilaza fa Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien no “initiateur” na mpamolavola azy ity sy nangataka ny hampijoroana izany ary nanao ny fombafomba rehetra hamongorana ny asan-dahalo any amin’ny faritra iny. Raha toa izy no ho Filohan’izany Vaomiera izany, lasa “juge et partie” ny tenany; koa heverina fa tsy mety loatra izay sosokevitra izay.

Taorian’izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin’ny fifidianana izay ho Filohan’io Vaomiera io ny Solombavambahoaka rehefa tsy misy manan-kolazaina intsony.

Nambarany fa toy izao no ho fizotry ny latsabato: tononona ny laharana sy ny anaran’ny Solombavambahoaka rehefa handatsabato, maka ny taratazin-datsabato, avy eo mandeha ao amin’ny “isoloir”, aorian’izay mandatsaka ny vato ao anaty “urne”.

Rehefa izany, nanatanteraka ny rindran-damina nambaran-dRamatoa Filoha ny Solombavambahoaka mba hanatontosana ny fifidianana.

Taorian’ny fandatsaham-bato, niangavy Solombavambahoaka miisa 4, Ramatoa Filoha, mba hanao ny fanisam-bato.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nanatontosa izany:

- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RASIDIMANANA
- ANGELE Solange

Toy izao no vokatry ny latsabato rehefa natao ny fanisam-bato:

Isan’ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin’ny fifidianana: 48

- Vato maty: 01
- Vato fotsy: 04
- Vato manan-kery: 43

Vato azon’Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique: 43

Taorian’izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho Filohan’ny Vaomiera mpanadihady mikasika ny asan-dahalo any amin’ny Distrikan’i Morombe, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique.

Niarahaba sy nirary soa ho azy hahavita be amin’ny adidy mankadiry izay hiantsohany, Ramatoa Filoha na tsy niatrika izao fivoriana izao aza Andriamatoa Solombavambahoaka noho ny asa aman-draharaha izay tsy maintsy iandraiketany amin’izao fotoana izao.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin’ny fanolorana ny anaran’ireo Solombavambahoaka atolotry ny Vondrona Parlemantera tsirairay izay handrafitra ny mpikambana ao anatin’ny Vaomiera mpanadihady mikasika ny asan-dahalo any amin’ny Distrikan’i Morombe ny mpivory.

Nambarany fa miisa 16 ny mpikambana mandrafitra izany Vaomiera izany, ka tafiditra ao anatin'izany ny Filoha vao avy nofidina teo.

Ny andininy faha-47 sy ny andininy faha-174, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany, ka toy izao no fitsinjarana ny toerana ao anatin'ny Vaomiera:

- Ny Vondrona Parlemantera IRD, manana mpikambana miisa 10.
- Ny Vondrona Parlemantera GPR, manana mpikambana miisa 04.
- Ny Vondrona Parlemantera TIM, manana mpikambana miisa 02.

Taorian'izay, niangavy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy, Ramatoa Filoha, mba hanolotra ny anaran'ireo Solombavambahoaka ho mpikambana ao anatin'izany Vaomiera izany.

Nanao satroka, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, fa halefa "par courrier électronique" ny anaran'ireo Solombavambahoaka ho mpikambana hatolotry ny Vondrona Parlemantera IRD raha azo atao.

Ho an'ny Vondrona Parlemantera GPR kosa, Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André no nanolotra izany, ka ireto avy ireo Solombavambahoaka ireo:

- RASIDIMANANA
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- MAMIHAJA Charlot
- RANDRIANASOLO Augustin

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle no nanolotra ny anaran'ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM ho mpikambana ao anatin'ny fandrafetana izay ho mpikambana ao anatin'ny Vaomiera mpanadihady mikasika ny asandahalo any amin'ny Distrikan'i Morombe.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ireo:

- RABEKIJANA Solofo Hery
- RAMBOASALAMA Emilien

Rehefa izany, nanolotra fiarahabana sy nirary soa ho an'ireo Solombavambahoaka tafiditra ho mpikambana ao anatin'io Vaomiera mpanao fanadihadiana io, Ramatoa Filoha, mba hahatontosan'izy ireo antsakany sy andavany ny asa izay ankinina aminy, satria mafy tokoa ny adidy miandry azy ireo amin'izany.

Nambaran-dRamatoa Filoha, taorian'izay, fa anjaran'ny Filohan'ny Vaomiera no mampiantso fivoriana izay hataon'ny Vaomiera rehefa feno ny isan'ny mpikambana ao aminy mba hananganany ny biraony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanambara ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2020/PL° «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2016-021 du 21 Août 2016 sur les Pôles Anti-Corruption» na ny PAC, atolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka MAMANGY Norbert ary nilaza fa sao dia tokony haroso avy hatrany ny fandinihana an'io Tolo-dalàna io satria efa mandroso ny fotoana.

Namaly izany, Ramatoa Filoha, nanambara fa ny asam-baomiera dia efa vita saingy ny fandrafetana ny tatitra no sisa andrasana. Tsara raha miandry fotoana fohy ny rehetra mba hahatomombana izany araka ny tokony ho izy.

Niato tamin'ny 7 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

